*Firaisankinan'ny Tantsaha eto Madagasikara*
*Coalition Paysanne de Madagascar*

**FAMINTINANA NY TOLOKEVITRA MIKASIKA NY**

# POLITIKAN'NY FAMOKARANA ETO MADAGASIKARA



*… Fomba fijery Tantsaha no nandrafetana ity tolon-kevitra "Politikan'ny Famokarana eto Madagasikara" ity, anjara tandrify entin'ny FTM/CPM. Tsy mihambo ho mahavita izahay, saingy natao izao "Boky tolokevitra" izao ho fanairana ny rehetra voakasika mifanaraka ny fijerinay tantsaha azy.*

*Fanirianay ny hisian'ny adihevitra sy fifanakalozankevitra aterak'izao "Politika" izao mba hivadika ho teti-panorona hitsinjovana sy hibanjinana ny hoavy tsaratsara kokoa ho an'ireo 75%-n'ny mponina eny amin'ny tontolo ambanivohitra eto Madagasikara …*

*Nandalo fotoana lavalava ihany sy hevitra tamin'ny sokajin'olona samihafa ny nandrafetana ny « boky tolokevitra », kanefa inoana fa ny vanim-potoana hoavy dia mbola hitondra fanatsarana azy hatrany. Taom-pamokarana sy ezaka mitohy no nifandimby sy nosedraina nandritra izany, ka manamafy fa maro ny fanatsarana azo entina manatevina ny fomba fijery sy famaritana ny ho avy mendrika kokoa ho an'ny tontolo ambanivohitra izay tsy mitsaha-mitombo[1].*

*Marolafy sy midadasika ireo singa mandrafitra ny tontolo ambanivohitra, saingy ireto aroso ireto no fanampiny asongadinay mpitantana ato amin'ny FTM/CPM ho taridresaka.*

***RANDRIANONY Louis Raymond***
*Filohan'ny FTM/CPM*

## Zava-kendrena ankapobeny

[1] Ny EPM 2010 navoakan'ny INSTAT dia manambara fa ny 79,7% dia monina eny ambanivohitra, izany hoe nisy fitomboana 4,7, raha oharina tamin'ny 2009

*« Miara-mikatroka amin'ireo mpiombonantoka amin'ny fampandrosoana ireo fianakaviana tantsaha mpamokatra* mivelona ho an'ny fiandrianana ara-tsakafo eto Madagasikara, ka haha-marintoerana azy eo anivon'ny tsena aty amin'ny faritra sy iraisam-pirenena, anapariahany vokatra maro isankarazany izay miteraka tongoambidy sady ambony no afaka miantoka ny fisondrotan'ny toekarena mifototra amin'ny fiahiana ara-tsosialy mivelatra sy misarika fidiram-bola tsara sy fomba fiainana mendrika sahaza ireo mpamokatra malagasy ».*

* Mifototra amin'ny fambolena, ny fiompiana, ny jono ary ny asa tanana

## IREO PAIKADY

- ***Paikady 1*** : *Hamatsy ny filana ara-tsakafon'ny vahoaka malagasy (Souveraineté alimentaire)*
- ***Paikady 2 :*** *Mamantatra ny vokatra isan-karazany sy manana tongoambidy tsara amin'ny tsenam-paritra sy iraisampirenena (Positionnement sur les marchés extérieurs)*
- ***Paikady 3*** *: Mitsinjara mitovy ny vokatry ny fivoaran'ny toekarena sy manatsara ny faripiainan'ny malagasy. (Aspect social)*
- ***Paikady 4 :*** *Fandrindrana ny politika sy fepetra fanohanana (Aspect politique et environnement)*



## ZAVA-KENDRENA MANOKANA

**Paikady 1 - Manome fahafaham-po ara-tsakafo ny mponina malgasy rehetra**

***O.S 1.1 : Fitantanana zotram-pihariana :*** ***Voatsinjara mazava tsara sy afaka mifaninana ny zotrampihariana hahazoana vokatra fihinana sady afaka mamaly ny filan'ny tsena araka ny habetsahana sy ny kalitao takiana.***

- ***Fitiliana isam-paritra ireo zotrampihariana tena mahasoa (fanadihadiana ny tsena, fanadihadiana ny fahazarana ara-tsakafo, fenitry ny kalitao, zotra fanampiny)***
- ***Mametraka politika maty paika***
  - ⇒ Fifidianana ireo fari-pamokarana ara-mpambolena araka ny zotram-pihariana mahasoa
  - ⇒ Mametraka paikady mandrisika ny famokarana ho an'ny isam-paritra (fampiainana tsara ireo fari-pamokarana, fisarihana fampiasam-bola, fanaovana tantsoroka ara-tekinika, fampirisihana ny fanefana ireo volam-panjakana)
  - ⇒ Fanivanana ireo mpampiasa vola eo amin'ny sehatry ny fananantany (zotram-pihariana tsy ara-tsakafo, tekinikam-pamokarana, fari-pamokarana, fifidianana ireo mpampiasa vola)
- ***Fepetra manokana mifandraika amin'izay atao***
  - ⇒ Fametrahana paikady hiatrehana tantsoroka sy ny rafitra isaky ny zotrampihariana (ireo vokatra sy ny mpisehatra)
- ***Mametraka paikady fampifanarahana ireo zotram-pamokarana (ireo vokatra sy ny mpisehatra)***
  - ⇒ Mametraka fandaminana hiatrehana fizohiana/tombana

***O.S 1.2 : Famokaram-pianakaviana voizin'ny zotrampihariana sakafo voafaritra sy mahomby ary mahavelontena:*** ***Afaka mamokatra toa ny matihanina ireo mpamokatra isa-pianakaviana amin'ny zotram-pamokarana ara-tsakafo izay voatily ka sady afaka mifaninana no mitondra tombony***

- ***Manampy ny Mpamokatra eny ambanivohitra ny fipoiran'ny sehatry ny fananantany***
  - ⇒ Fanamorana ny fizaka-manana ny taniny ho an'ny mpamokatra any ambanivohitra
  - ⇒ Fampivelarana ireo tohana manakaiky ireo mpamokaatra izay sady mihodina avy hatrany no mahafapo (sampana fananantany, mpiasa eny an-toerana, tetibola, fandrindrana asa, tambajotram-baovao)
  - ⇒ Fanandratana ny kalitaon'ny tolotrasa amin'ny fananantany mikasika ny fandaniana sy ny fe-potoana
  - ⇒ Mametraka rindrandamina fizohiana hentitra amin'ny fitantanana ireo titra sy fanamariana ny maha tompon'ny tany
  - ⇒ Fanolorana tany mirefy 5 ha ho an'ireo mpamokatra manana tetikasa tsara rindra sy rafitra – Mitily ireo tanim-panjakana mbola lavavolo ary mitsinjara izany ho an'ny mpamokatra matihanina ka manana tetikasa tsara rindra sy rafitra ka mifanaraka amin'ny politikam-pamokarana izay hampiharina (ao anatin'izany ny fampandriana fahalemana ny fananantany)
  - ⇒ Fanenana ny faharetan'ny fifanarahana fanofana velarantany goavana ho 55 taona
  - ⇒ Fanomezan-danja ny taratasy fanamarianana ny fitompoana tany izay atao antoka eo anivon'ireo IMF hanatanterahana findramam-bola
- ***Tsy fampitokanana monina ireo faritra tena mamokatra sy misy otrikery ho an'ny famokarana***
  - ⇒ Sokafana, haremina na kojakojaina ireo lalana famoaham-bokatra sy ny RIP ahitana faritra tena mamokatra
  - ⇒ Fanorenana rindramdamina hikojakojana lalana ho azo ampiasina mandavantaona ahitana mpiasa manokana ho amin'izany
- ***Ampitomboina ny otrikery ara-teknika amin'ny famokarana tantanan'ny isa-pianakaviana***
  - ⇒ Fanamafisana ny Famokarana Masomboly eny an-toerana
  - ⇒ Fanohanana ny fikarohana mikasika ny masomboly sy fanapariahana ny vokatra azo mikasika izany
  - ⇒ Fampidirana fitaovana mekanika mahomby amin'ny fambolena mifandraika amin'ny famokarana tantanam-pianakaviana (trakitera, tirakitera madinika, fitaovana tarihim-biby)
  - ⇒ Fanamorana, fanampiana amin'ny fampitaovana mekanika hifanohanana ireo tantsaha madinika

- ⇒ Fanamafisana ny fanapariahana ireo haitao nohatsaraina mikasika ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono
- ⇒ Fampivelarana ny tantsoroka mikasika ny haitao manakaiky ireo mpamokatara (Mpanentana ara-pambolena eny ifotony, mpitsabo biby, Tantsaha mpanentana …)
- ⇒ Tantsoroka mikasika ny haitao izay manakaiky ireo mpamokatra eny ambanivohitra hitsinjovana ny fanatasarana ny fahaizamanaony amin'ny fitantanana vola (fifehezana ny asa alohan'ny hisamborana vola eo anivon'ny IMF)
- ⇒ Fanapariahana ny haitao mahomby sy mifanaraka amin'ny fivoaran'ny fambolena sy ny traikefa nentim-paharazana mikasika ny voahary
- ⇒ Manampy tosika ireo tantsaha amin'ny tekinikan'ny fampiofanan-tena (toy ny fiaraha-mandinika)

- ***Mitarika ny famokaram-pianakaviana ho asa matihanina***
  - ⇒ Fanohizana ireo fifaninanana amin'ny fambolena vary mba hamporisihana ireo tantsaha hitady lalana hampitomboany ny vokatara (fanomezana loka ho an'ny mpandresy)
  - ⇒ Eo ambany fiahian'ny Tranoben'ny Tantsaha izay ahitana rantsana mpandrindra no ametrahana Ivon-toerana Fampandraisana andraikitra ny Tontolo ambanivohitra ka manakaiky azy (fanentanana/ fampatsiarovan-tsaina, tohana sy tantsoroka ara-tekinika, tohana sy tolokevitra mahakasika ny fitantanam-bola sy ny fifehezana ny fampiasam-bola amin'ny tetikasa ara-pambolena, fampifanatonana amin'ireo mpiombona antoka …)
  - ⇒ Mametraka « sampana/tetikasa » nasionaly na samy firenena hanampiana ny famokarana tantanan'ny isa-pianakaviana (jereo. Ivontoerana Fampandraisana andraikitra ny Tontolo ambanivohitra )
  - ⇒ Fampivoarana ny haitaom-pamokarana, fanamboarana sy fitehirizana manaja ny fenitra sy kalitao
  - ⇒ Fanamafisana ny fahaizamanaon'ireo mpamokatra mikasika ny fenitra sy kalitao ho an'ny vokatra
  - ⇒ Fampiorenana sy tantsoroka eo amin'ny asa miandry aorian'ny famoriana ny vokatra
  - ⇒ Fametrahana fiantohana ara-pambolena
- ***Manampy tosika ny fiarahamiasa sy ny fifanakalozam-baovao eo amin'ny samy mpikatroka***
  - ⇒ Mamorona sehatra miandany amin'ny fiarahana miasa, samy tantsaha mpamokatra tekinisianina/ mpikaroka/ mpiombona antoka tekinika sy mpamatsy ara-bola
  - ⇒ Fandaminana fitsidihana-fifanakalozana iainana andavanandro
- ***Mampitombo ny fahazoana fotodrafitrasa amin'ny famokarana***
  - ⇒ Fanarenana ireo fotodrafitrasa fitarihan-drano efa misy
  - ⇒ Fanorenana tohadrano vaovao sy fanajariana lemaka mamokatra sy azo trandrahana
  - ⇒ Mampihatra ny atao hoe impluvium any amin'ny faritra marivo loatra ny renirano
  - ⇒ Mametraka fotodrafitrasa ara-pamokarana (ivontoerana fampitomboana masomboly nohatsaraina, toeram-pamoronana fitaovam-pambolena)
  - ⇒ Manohana ireo finiavana hanorona fotodrafitrasa hitehirizana vokatra
  - ⇒ Manorina na manarina ireo fotodrafitrasa ho an'ny raharaham-barotra
- ***Mampifanaraka ny rindrandamina mikasika ny famatsiana ara-bola amin'ny fiainan'ny tantsaha***
  - ⇒ Fanamorana ny fidiran'ny tantsaha amin'ny rindrandamin'ny famatsiana ara-bola mikasika manokana ny:
    - Haitao sy rindrandamina momba ny fitarihan-drano
    - Haitaon'ny fitehirizana manaja ny fenitra sy kalitao
    - Famatsiana hanapamokarana sy fahazoana fitaovam-pambolena
    - Fanorenana fotodrafitrasa ho an'ny raharaham-barotra mikasika manokana ny vary
  - ⇒ Fandrafetana ny tetiandro famerenam-bola nosamborina mifanaraka amin'ny vanim-potanan'ny fambolena
  - ⇒ Fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny ampahany amin'ny tahan'ny zana-bola faritan'ny IMF (ohatra: tahan'ny zana-bola miainga amin'ny 1% ka hatramin'ny 1,5% ho an'ny famokarana

tantanan'ny isa-pianakaviana)

⇒ Fanangonana tahiry hiantohana ireo fisamboram-bola ho an'ny fambolena ka alaina avy ao amin'ny tahirim-bola ho an'ny fampandrosoana ara-pambolena (FDA)

- ***Fampivelarana ny sehatra koperativa amin'ny fampisamborana***

- ***Fampitodihana amin'ny sehatra***
  - **Fambolena samihafa**
    - ⇒ Famporisihana fanaovana fambolena azo hohanina sy mampidi-bola hafa (zotram-pihariana fanampiny)
    - ⇒ Fampivelarana ireo lahasa mitondra vokatsoa (zotrampihariana fanampiny)
    - ⇒ Fametrahana eny an-toerana rafitra mpanorohevitra mba hanampiana tosika ny finiavana tsy miankina (jereo. Ivontoerana ho an'ny finiavan'ny tontolo ambanivohitra)
    - ⇒ Mampivelatra sy manome tohana ny fikarohana amin'ny fambolena
    - ⇒ Fanohanana ara-bola mifandraika amin'ny asa ao amin'ny FOFIFA sy/na orinasa mikaroka amin'ny sehatry ny famboleana
  - **JONO**
    - ⇒ Politika mampandray andraikitra sy fitantanana maharitra ary fitrandrahana ireo harena anaty rano (fandrotsahana trodro indray any anaty rano)
    - ⇒ Fandrisihana ny famokarana anaty rano (fampiofanana sy tantsoroka ho an'ny mpanjono, mpiompy an-dobo, tambajotra mpamatsy fitaovana ho amin'ny fanjonoana tsotra, sehatra mpitahiry sy mpanome lanja ny vokatra anty rano)
    - ⇒ Fampiofanana ireo tantsaha mpanentena amin'ny jono
    - ⇒ Fiarovana eny anivon-dranomasina
    - ⇒ Fanarahamaso hentitra ny fangalarana sy ny fitrandrahana tafahoatra ny harena an-dranomasina
    - ⇒ Fiarovana ny faritra 2 miles natokana ho an'ny fanjonoana nentim-paharazana sy tsotra
  - **FIOMPIANA**
    - ⇒ Fanatsarana ny vokatry ny fiompiana (omby sy ny hafa)
    - ⇒ Fanamafisana ny fisafoana sy ny fanaraha-maso ny aretim-biby (fanarahana maso ny fizaram-paritra sy ny faritra manokana …)
    - ⇒ Mametraka ivontoerana miandraikitra ny ara-tekinika ho an'ny mpamokatra isaky ny Disitrika, iarahan'ny Rafipandaminana Tantsaha sy ny sehatra tsy miankina hiantohana ny fitsirihana veternera ny fenitra ary ny kalitaon'ny vokatra natokana haondrana
    - ⇒ Fampiofanana ireo tantsaha tekinisianina mikasika ny fiompiana ary indrindra indrindra ireo tantsaha mpanao vakisiny miara-miasa amin'ny veterinera
    - ⇒ Omena lanja ireo vokatry ny asan-tanana (fandrisihana ny famoronana, fenitra sy kalitao, fahazoana akora fototra)
    - ⇒ Mampivelatra sy manohana ny fikarohana mikasika ny fiompiana
    - ⇒ Fanapariahana ireo vokatra azo teo anivon'ny tantsaha

- ***O.S 1.3 : Fifehezana ny tsena eo an-toerana : Voarafitra tsara sy voaaro amin'ny manjakatokana sy ny «Dumping » ny tsenan'ny vokatra fihinana***
- ***Mandrafitra, mandrary/mampanara-dalàna ny tsena***
  - ⇒ Miantoka ny fangaraharahan'ny tsena (fahazoana ireo vaovao mikasika ny vidin'entana sy ny anjara tsena)
  - ⇒ Fanorenana rindrandamina hamatsiana ireo faritra samihafa eto amin'ny tany sy ny fanjakana amin'ny vokatra ara-tsakafo (kéré, loza voajanahary)
  - ⇒ Fandaminana indray sy fanatsorana ny lalan'ny fanangonana sy ny famarotana
  - ⇒ Manatsara ny rindrandamina mikasika ny famarotana ny vokatra vary (mametraka

rindrandamina amin'ny fampitam-baovao momba ny tsena sy ny mpamatsy, fametrahana toeram-pivarotana maty paika, fanorenana toby fitehirizana vokatra, fanatsarana ny kalitaon'ny vokatra mifanaraka amin'ny fenitra, fampiharana ny lalàna sy ny fitsipika mifehy ny varotra)

- ***Fanamorana ny fahazoam-baovao voakendry ho an'ny famarotam-bokatra***
  - ⇒ Fanatevenana sy fampaharetana ny tolotrasa SIM
  - ⇒ Fanatsarana ny votoatiny, ny kalitaony, ny fahatongavany sy ny fanarahany ny vaninandro mikasika ny vaovao
  - ⇒ Fifanintonan'ny vaovao voaangona tsaratsara kokoa avy amin'ny SIM
  - ⇒ Fampiofanana ireo tantsaha amin'ny fampiasana ireo antotam-baovao
- ***Miaro ireo vokatra avy eto an-toerana mihoatra amin'ireo vokatra fihinana avy avy ivelany sy ny fahazarana amin'ny « dumping »*** *(fiaraha-midinika eo anivon'ny OPF sy ny Tranoben'ny Tantsaha)*

**Paikady 2–Mametraka vokatra maro miteraka tongoam-bidy ambony eo anivon'ny tsenam-paritra sy iraisampirenena**

***O.S 2.1 : Antontan-kevitra :*** ***Hita taratra ara-potoana ireo tranga fanararaotra mikasika ny tsenam-paritra sy irasampirenena ary miteraka tombotsoa ho an'ny toekarena malagasy noho ny fanaraham-baovao, ara-teknolojia sy ny fifaninanana***

- *Miantoka fanaraham-baovao, ara-teknolojia sy fifaninanana mikasika ny tsenam-paritra sy iraisampirenena (tsena voafaritra, tsena ara-boajanahary, marika manokana, fanadihadiana ny tolotra sy ny tinady, fisafidianana ny zotrampihariana ahitan-tombony tsara)*

***O.S 2.2 : Fitsofohana amin'ny tsena ivelany:*** ***Mivelatra sy tsara tohana ireo zotrampihariana ara-toekarena ahitana tongoambidy ambony sy tsara toerana eo amin'ny tsena voafidy (faritra sy iraisampirenena)***

- *Fisafidianana ireo zotram-pihariana ambony tongoambidy ahitana tombotsoa ombam-pifaninanana maharitra*
- ***Mandrafitra paikady ahazoan'ny vokatra anjara toerana eo amin'ny tsena voafidy***
  - ⇒ Vokatra ara-boajanahary mitodika amin'ny fanondranana
  - ⇒ Fandrafetana zotram-pihariana araka ny tsena sy fiatrehana ilay zotra
  - ⇒ Tantsoroka sy fizohiana ny fanajana ny fenitra sy ny kalitao
  - ⇒ Fanampiana ara-tekinika mifanaraka amin'ny fanandratana ny fambolena miaro ny tontolo iainana
  - ⇒ Famantarana manokana ho an'ny vokatra natoraly
- ***Fampiharana ny fotokevitra « chaîne de valeur »***
  - ⇒ Asa fampiofanana momba ny toe-tsaina mpandraharaha ho an'ny tantsaha
  - ⇒ Fanamorana ho an'ny fanatevenana ny fanamboarana sy ny fiarovana ny vokatra
  - ⇒ Fandronjonana sy fitarihana ho matianina ireo mpisehatra eo anivon'ny « chaîne de valeur »
  - ⇒ Fanamorana ny fanorenana sehatra ifandrimbonana hahafahana mifanakalo hevitra eo amin'ny samy mpikatroka amin'ny « chaîne de valeur »
  - ⇒ Fiarahamientana eo amin'ny mpiombona antoka tekinika sy famatsiana vola amin'ny asa tanterahana

***O.S 2.3 : Asa sy fifindra- monina :***
***Miteraka asa eo an-toerana amin'ny faritra ahitana mpifindra monina maro sady mampitsimbadika ny fandaozana ny tontolo ambanivohitra no manome hasina ny famokarana ny tany ny lahasa notovozina avy amin'ny zotram-pihariana mitodika amin'ny fanondranana***

- ***Mametraka drafitra mampirisika ny toetsaina mpandraharaha ara-mpambolena***
- ***Fanajariana velarantany midadasika isarihana famokarana ambanivohitra voaaro***
- ***Mametraka paikady maharitra hitantanana fifindramonina***

- ***Mametraka drafitra hahazoana manatsara ireo seha-piasana any amin'ireny toeram-pifindramonina ireny***
  - ⇒ Fampifanarahana amin'ny ankehitriny sy fampiharana ireo Zo sendikaly sy ny Zon'ny mpiasa eo anivon'ny orinasam-pambolena nasionaly na vahiny
  - ⇒ Fampivelarana ny fifanakalozankevitra eo amin'ny mpiasa sy mpampiasa mba hanatsarana ny fifandraisana ara-tsosialy eo amin'ny tontolon'ny asa anaty orinasa

**Paikady 3– Tsinjaraina ara-drariny ny vokatry ny fiakaran'ny toekarena ary hatsaraina ny tontolon'ny fiainan'ny olompirenena Malagasy**

***O.S 3.1 : Fampivoarana ara-tsosialy :*** ***Mihatsara ireo tolotrasa ara-tsosialy fototra sady natao ho an'ny daholobe***

- ***Fampivelarana ny fotodrafitrasa ara-tsosialy***
  - ⇒ Fanatsarana ny fahazoana rano fisotro madio sy herinaratra (fametrahana sy fitantanana fotodrafitrasa)
  - ⇒ Fanampiana ireo fotodrafitrasa mikasika ny fanatanjahantena sy fialamboly
  - ⇒ Fampitomboana ireo toerana fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy
- ***Fanatsarana ireo fifandraisana eny amin'ny tontolo ambanivolo***
  - ⇒ Mametraka drafitra manokana ho an'ny tontolo ambanivohitra mikasika ny fifandraisana eo anivon'ny Kaominina (fotodrafitrasa mifandraika amin'ny lohahevitra sy ny zotra, fifanarahana hiaraha-miombona antoka amin'ny mpisehatra finday …) sy fahazoam-baovao.
  - ⇒ Fanamafisana ireo asa sy fandronjonana ho an'ny fampianarana mamaky teny sy manoratra ary mikajy
- ***Miantoka ny fahombiazana sy ny fahazoana ireo tolotrasa avy amin'ny fanjakana ho an'ny ambaratonga isan-tokony***
  - ⇒ Ady amin'ny kolikoly
  - ⇒ Jerena ny fiahiana ara-tsosialin'ireo mpamokatra eo amin'ny sehatry ny fambolena
- ***Miantoka ny fahalavorarian'ny fifamenoana amin'ny fitantanana natokana ho amin'ny fampandrosoana***
  - ⇒ Hamafisina ny fanokanan'ny fanjakana vola amin'ny fampandrosoana eo an-toerana
- ***Atao mitovy torosy ny tontolo ambanivohitra sy ireo tanàn-dehibe be mponina amin'ny sehatry ny fampianarana ka samy hametrahana fotodrafitrasa sy mpanabe voaofana***
  - ⇒ Fampidirana ny fahalalana fototra mikasika ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra any anaty programam-pampianarana ka manomboka any amin'ny kilasy fototra
  - ⇒ Mametraka toeram-pampianarana garabola eo anivon'ny sekoli-panjakana any ambanivohitra
  - ⇒ Eo anivon'ny sekolim-panjakana, atao laharam-pahamehana ny fampitomboana isa ireo mpampianatra sy ny fanamafisana ny fahaizamanaony
- ***Hampifanarahana amin'ny filan'ny faritra ny fampiofanana arakasa sy tekinika***
  - ⇒ Amporisihana ny finiavan'ny tsimiankina eny an-toerana hanorina ivontoerana fampiofanana arakasa sy tekinika
- ***Atao mitovy torosy ny tontolo ambanivohitra sy ireo tanàn-dehibe be mponina amin'ny sehatry ny fahasalamana ka hametrahana fotodrafitrasa sy mpiasa mahay***
  - ⇒ Fanamafisana ny ady amin'ny IST/SIDA sy ny areti-mifindra (fanentanana amin'ny fampiasana fiarovana)
  - ⇒ Fanamafisana ny fanentanana mikasika tsy fanaovana dokotera tenany
  - ⇒ Fanamafisana ny fanentanana mikasika ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana
- ***Fanabeazana ara-pahasalamana/ ara-tsakafo ho fanomezana lanja ireo vokatra fihinana eo an-toerana (fanabeazana ny olom-pirenena ho fanaovana laharampahamehana ny fihinanana ireo vokatra eo an-toerana)***
- *Ady amin'ny fahantrana sy ny fampiasana ankizy*
  - ⇒ Mametraka rindrandamina mitsinjo ny rariny ho an'ny mponina miasa amin'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany sy ny tetikasa goavana mitondra rafitra hafa eny amin'ny totolo ambanivohitra

***O.S 3.2 : Ny vehivavy sy ny tanora :*** ***Hiandaniana ny fampidirana ireo vehivavy sy ny tanora ao amin'ireo ivontoerana fampivoarana (sosialy, toekarena, kolotsaina)***

- ***Arovana ny vehivavy noho izy ireo andrin'ny fampivoarana***
  - ⇒ Fanentanana mafy momba ny zon'ny vehivavy ao an-tokantrano, any am-piasana sy anivon'ny fiarahamonina
  - ⇒ Fandronjonana ny fiarahamonina mba hanaja ny zon'ny vehivavy mihoatra amin'ny herisetra mihatra amin'izy ireo any an-tokantrano sy eo anivon'ny fiarahamonina
  - ⇒ Velarina amin'ny tokantranomaso ny zo fandovana
- ***Hampandraisina anjara amin'ny rafitra isan'ambaratongany amin'ny fampandrosoana ny vehivavy***
  - ⇒ Fanentanana mafy ho amin'ny fampandraisana anjara ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny ambaratongam-pahefana fandraisana fanapahan-kevitra politika sy sosialy ary ara-toekarena
  - ⇒ Iandaniana ny finiavana hampisehatra ny vehivavy amin'ireo rindrandamina amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ny fampandrosoana arakasa mifandraika amin'ny maha vavy
- ***Mamorona sehatra amin'ny fampivoarana ara-toekarena mety ho an'ny tanora***
  - ⇒ Fanatsarana ny fahazoan'ny tanora fanabeazana, fiofanana sy asa matihanina
  - ⇒ Fanatsarana ny fahazoan'ny tanora vaovao, fampisamborana, asa aorian'ny fiofanana
  - ⇒ Tohana ho an'ny tanora mpandraharaha manana finiavana hamorona asa
  - ⇒ Fametrahana sehatra fanangonam-pahalalana amin'ny fahaizamanaon'ny tanora manampahaizana
  - ⇒ Fametrahana fepetra fanovanana sy fisintonana ireo tanora manampahaizana avy any ambanivohitra hikatroka amin'ny sehatry ny famokarana

***O.S 3.3 : Vondron' olona marefo:* Fiheverana ny tombotsoan'ireo sokajin'olona marefo amin'ny famolavolana ireo politika isan'ambaratongany**

- ***Famolavolana sy fanatanterahana ireo paikady maharitra hampihenana ny toetra marefo eo amin'ireo sokajy anjorombala ireo***
  - ⇒ Fametrahana rindrandamina fanangonam-bokatra eo an-toerana, fandinihana sy fanapariahana ireo filan'ny vondrona anjorombala mankany amin'ireo mpandray fanapahankevitra
  - ⇒ Fanatanterahana ireo paikady hampidirana ny tombotsoan'ireo vondrona anjorombala anaty politikam-pampandrosoana
  - ⇒ Fametrahana sy fanohanana rafitra hampandraisana anjara ny solontenan'ireo vondrona anjorombala amin'ny fandraisana fanapahankevitra isan'ambaratongany



**Paikady 4–Fandrindrana ireo politika sy ireo fepetra fanohanana**

***O.S 4.1 Politika rejionaly : Voafaritra ao anatin'ny politika ankapoben'ny Fanjakana ka manana endrika mitohy ny fisian'ny fifanarahana voasonia eo amin'ny sehatra zana-paritra***

- ***Fampiharana ireo zavakendrena eo anivon'ny CAADP***
  - ⇒ Fanokanana 10% amin'ny tetibolam-panjakana ho an'ny Famokarana hanondrotana 6% ny vokatra isan-taona
  - ⇒ Fanetsehana tahiry manokana avy amin'ny mpamatsy maro karazana
- ***Fampiharana fanantanterahana ny fanetsehana ny PDDAA/CAADP***
  - ⇒ Fiheverana ireo fototra efatra (4) miara-miasa amin'ny vondrona tantsaha rafitra mpiahy sy ny sehatra tsy miankina mikatroka amin'ny Famokarana
  - ⇒ Fanorenana sehatra mampirisika fampiasam-bola asa lavitrezaka sy fanamafisana ireo orintsatoka (capitaux)
  - ⇒ Fametrahana ny SAKSS eny an-toerana

***O.S 4.2 : Politika amin'ny sehatra maro mifangaro:***
***Mirindra ny politika amin'ny sehatra maro mifangaro, ka tanterahana amin'ny fifampidinihana, mifandraika amin'ny zavamisy amin'ireo zotrampihariana efa fantatra***

- *Fampifanarahana ny politika mifandraika amin'ny zotrampihariana ara-tsakafo sy ny vokatra fanondrana*
  - ⇒ Famolavolana bokinandraikitra amin'ny alalan'ny fifanoloran-tanana isaky ny sokajin'ny mpandray anjara amin'ny zotrampihariana sy fametrahana rafitra hizohiana ny fampiharana ny bokinandraikitra
  - ⇒ Fanitsiana ny anjara toerana manokan'ny Fanjakana sy ny fampivelarana ny fiaraha-miombona antoka fanjakana-tsimiankina, indrindra fiombonana antoka Fanjakana sy Fikambanana Tantsaha
- ***Fampiharana ny fepetra fampifanampiana***
  - ⇒ Manamafy ireo anjara asa famolavolana drafitrasa sy fandrindrana eo amin'ny Kaominina sy ny Faritra
  - ⇒ Manorina fanjakana tsara tantana mahomby manakaiky ny vahoaka amin'ny fitantanana raharaham-bahoaka
  - ⇒ Mametraka rafitra tsotra entina handrindrana asa sahanin'ny telo tonta eo anivon'ny faritra
  - ⇒ Fandraisana anjara mavitriky ny Vovonan'ny Fikambanana Tantsaha anaty rafitra mpanapakevitra
  - ⇒ Famolavolana paikady ho fandraisana anjaran'ireo tantsaha madinika amin'ny fampitomboana ny toekarena (fepetra fandrisihana)
- ***Fametrahana sehatra fifampidinihana eo ambany fitarihan'ny Vovonan'ny Fikambanana Tantsaha/ Tranoben'ny Tantsaha ifotony mikasika ny famokarana maharitra, fampivelarana ny famokarana tantanam-pianakaviana sy ny orinasam-pamokarana manaja ny tontolon'ny tany sy ny politikam-pirenena amin'ny fanamasahana ny tany***
  - ⇒ Manamafy ny fandrisana anjaran'ny fikambanana tantsaha izay misolotena ny mponina ambanivohitra amin'ny fisafidianana ny politikam-pamokarana
  - ⇒ Mandrisika ny fandraisana anjaran'ny OPF amin'ny fifampiraharahana samy firenena na samy firenena maro samihafa (fa tsy mpandraharaha ara-toekarena fotsiny)
  - ⇒ Mamorona fitaovana entina mandray fanapahankevitra sy fanoroan-dalana (rindrandamina amin'ny fampitam-baovao sy tambajotra anaty mailaka faritra, rindrandamina fizohina sy tombana ireo programam-paritra, kaominaly sy iraisan'ny kaominina, tranokalam-pifandraisana, sns.)

***O.S 4.3 : Mpiombona antoka tekinika sy ara-bola : Ampifanarahana amin'ny politika nasionaly ny asan'ny mpiombona antoka avy any ivelany***

- ***Ampifanitsiana sy ampifanarahana amin'ny politika araka ny sehatrasa nasionaly voafaritra izay miainga avy amin'ny filan'ny mponina ny asan'ny mpiombona antoka tekinika sy ara-bola***

⇒ Fiaraha-midinika manara-potoana voafaritra iarahan'ny rafipandaminana misolotena ireo mpikatroka sy ireo mpiombona antoka tekinika sy ara-bola

⇒ Famoronana sehatra fanapahankevitra sy torolalana amin'ny fikatrohan'ny mpiombona antoka (rindrandamina amin'ny fampitam-baovao sy tambajotra anaty mailaka faritra, rindrandamina fizohiana sy tombana ny fantanterahanasa)

⇒ Fanarahamaso sy fitantanan'ny Tranoben'ny Tantsaha ny vola natokana amin'ny fampandrosoana ny famokarana (FDA)

***O.S 4.4 : Tontolo iainana :* Tsara antoka ny fifandanjana « fanomezan-danja/fiarovana » ny tontolo iainana amin'ny maha harena azy**

- ***Fiarovana/fitehirizana ireo harena voajanahary***
  - ⇒ Mametraka rindrandamina hitantanana ombam-pahombiazana ireo valan-javaboahary arovana (ohatra : sehatra hiaraha-mitantana tandavanala, fanavaozana ny rindra efa misy, famolavolana drafitra fitantanana faritra)
  - ⇒ Ampitomboina ny famindram-pitantanana ireo ala (GCF, GELOSE) ahitana tahirina tontolo iainana ary omena lanja ny COBA
  - ⇒ Arovana ireo ala voasokajy ho harena ary hampifanarahana amin'ny lalana ny fitrandrahana ireo ala amin'ny alalan'ny fametrahana fifanarahana eny ifotony mba hiarovana ny tontolo iainana (fitondrana izany eo anivon'ny fitsarana mba hanomezana hery azy)
  - ⇒ Arovana sy omena lanja ireo harena ara-kolotsaina sy ireo harena ara-tontolo iainana: fiarovana ny tany, ny masomboly voajanahary ary ny kalitaon'ny rano
  - ⇒ Andrandraina sy tohanana ny programa/tetikasa miady amin'ny fandripahana ny ala
  - ⇒ Tohanana ny finiavana sy ny fikarohana mifandraika amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fampitomboana ireo vokatra eny ifotony (ohatra: Tosika MEVA)
- ***Fanomezan-danja ny harena voajanahary***
  - ⇒ Hamoraina ny fahazoan'ny tantsaha velarantany azo volena ivelan'ny faritra arovana
  - ⇒ Hatsaraina ny fahaizamanao eny an-toerana mikasika ny fitantanana ny toeramponenana sy famokarana, famokarana tanin-janakazo, famokarana masomboly voajanahary ary fiarovana ny tany
  - ⇒ Fampandraisana andraikitra ny tanora amin'ny ho avin'ny fananampirenena
  - ⇒ Fanamafisana ny fanomezan-danja sy fiarovana ny biby sy ny zavamaniry miompana amin'ny fanatsarana ny fidiram-bolan'ny mpiaramonina eny ambanivohitra ametrahana sehatra fizahantany maharitra
  - ⇒ Fampivelarana ny fizahantany ambanivohitra mampandray anjara ny mponina eny an-toerana amin'ny tolotrasa mifantoka amin'ny fifanakalozana amin'ny mpitsidika ary avy fampiantranoana/fampisakafoanana
  - ⇒ Mamolavola drafitra fanajariana sy fitantanana ireo toerana fizahantany miaro ny tontolo iainana (famaritana ireo toerana, fametrahana drafitra fanehoana ireo vala, fampivelarana ireo fotodrafitrasa eny an-toerana handraisana ireo mpizahantany)
  - ⇒ Manangana sy manorina ara-panjakana ny fikambanana mpitarika mpizahatany mahomby eny an-toerana
  - ⇒ Manome lanja ny harena ara-kolotsaina sy vakoka (fitiliana ireo fomba amam-panao mampiavaka ny faritra, fanaovana fihetsiketsehana ara-potoana ara-kolotsaina)
  - ⇒ Fampiroboroboana herinaratra eny ambanivohitra avy amin'ny fanornana tohodrano famokarana herinaratra
  - ⇒ Mamporisika sy manohana ireo finiavana entin'ny tsimiankina hampivelarana ireo harena miteraka angovo azo havaozina sy ireo teknolojia vaovao (angovo avy amin'ny masoandro, biogaz …)
  - ⇒ Manome lanja sy manamafy ny fikarohana sy fampiasana ireo loharanon'angovo hanoloana ny kitay sy ny harina fandrehitra (ethanol…)
- ***Fampivelarana ireo harena voajanahary***
  - ⇒ Fitsinjarana ara-drariny, ampiarahana fizohiana matotra, ireo velarantany natokana hamokarana ala natokana ho amin'ny varotra (ohatra : jatropha)

- ⇒ Mba hiadiana amin'ny tavy, doro tanety sy ho fitantanana ny fambolen-kazo/bozaka aman'ahitra dia hajoro ireo fikambanana mahazo tohana sy ny dinam-pokonolona eny an-toerana sy eo anivon'ny kaominina
- ***Fiarovana/fitehirizana ireo harena voajanahary***

***O.S 4.5 : Antontan'isa sy vaovao :*** ***Azon'ny rehetra tsirihana ny firaketana antontanisa mifanaraka amin'ny vanim-potoana sy fitaovana ahafahana manapakevitra***

- ***Manamafy ny rindrandamina fampitam-baovao sy ny serasera***
  - ⇒ Fametrahana rafitra hanangonam-baovao eny an-toerana sy faritra, fikirakirana, fandalinana ary fanapariahana ireo vaovao ara-toekarena mahakasika ny zotram-pihariana (fandaminana tsy maintsy atao isanambaratogany)
  - ⇒ Fampifanarahana sy fanatsarana ireo fanangonam-baovao ambany fitarihan'ny Tranoben'ny Tantsaha
  - ⇒ Fampandehanana sy fanamorana fampielezam-peo manakaiky ny vahoaka (fandrakofana midadasika ka manolotra vaovao mahakasika ny lafiny tekinika)
  - ⇒ Hatsaraina ny fifandraisana mahakasika ny zavamisy ara-toekarena araka ny zotram-pihariana sy ny famokarana ara-pambolena, ny fivoaran'ny tontolon'ny toekarena sy ireo tsena, ny toeran'ireo mpiombona antoka (fanitarana ireo faritra voarakotry ny tambajotram-pifandraisana, tambajotrana finday, fampitaovana BLU ho an'ireo mitoka-monina, fametrahana radio sy fahitalavitra afa-miasa eo anivon'ny Distrika)

***O.S 4.6 : Fandriampahalemana :*** ***Mitoetra ny fandriampahalemam-bahoaka izay miantoka ny famokarana eny anivon'ny tontolo ambanivohitra***

- ***Fametrahana paikady entina manohitra ny tsy fandriampahalemana ambanivohitra iarahana amin'ny OPF sy ny Tranoben'ny Tantsaha miampy fampiasana fizohiana sy tombana***
  - ⇒ Hamafisina ny fametrahana fotodrafitrasa mamokatra herinaratra
  - ⇒ Fanatsarana sy fanitarana ireo toby fanarenana ireo gadra
  - ⇒ Hanorenana tobin'ny zandary ny faritra marefo
  - ⇒ Fanorenana toby ho an'ny mpitandro filaminana
  - ⇒ Hatsaraina ny fifamenoan'ny DINA/Mpanenjika ireo olondratsy/Fitsarana
  - ⇒ Fanamafisana ny andrimasom-pokonolona, fiarovantena isan-tanàna sy ny Kartié mobily
  - ⇒ Haorina ny politika iraisam-paritra hamongorana ny fisehon-javatra « malaso »

***O.S 4.7 : Fisoloantena ny totolo ambanivolo:*** ***Mihamafy ny fahafahamanaon'ny fiarahamonimpirenena amin'ny fitenenana sy fanohanankevitra ho fampandrosoana***

- ***Ampitomboina ny sehatra fiarahamidinika sy fifanakalozana ho amin'ny lahasa hiaraha-mientana eo ambany fitarihan'ny Tranoben'nyTantsaha***
  - ⇒ Hamafisina ny fahaizamanaon'ny tomponandraikitry ny rafipandaminana misolotena ireo mpisehatra amin'ny fanentanana, fanamafisana orina ny hetsika fikambanana sy ny tekinikan'ny fanohanankevitra
  - ⇒ Ampiana tosika araka isa ireo vondrona mpamokatra eny an-toerana mba hahafahany mampifanandrify ny fijeriny araka ny maha sarotra ny zava-mitranga isan-tokony na isaky ny zotram-pihariana
- ***Amporisihana ny fanambarana ny hery sy fiaraha-miasa eo amin'ny samy fikambanana misolotena ny mpisehatra sy ireo fikambanana hafa toy ny fiarahamonimpirenena***
  - ⇒ Tohanana ny fampivondroanana ireo tantsaha mpamokatra anaty tambajotra mba hahafahany mampitovy ny vina amin'ny fandraharahana toa ireo orinasa hifaninana
  - ⇒ Tohanana ny fampivondronana ireo antokonasa sy ny fiaraha-mikaondoha @ antokonasa samihafa
- ***Hamoraina ny fidiran'ny fikambanana misolotena ireo mpisehatra any amin'ny haino amanjery***



Foibe Nasionaly
Firaisankinan'ny Tantsaha eto Madagasikara
Lot VB 71 GA Ambatoroka Antananarivo
101 Madagascar
Tél : +261 20 22 266 15 - Site web : www.cpm.mg